# IZAY REHETRA MAHAMAMO DIA VOARARA AVOKOA

Tatitra avy tamin'i Abo Bardah, amin'ny Rainy Abo Mossa Al-Ash'anri (R.A) : Ny Mpaminany (S.W.A) dia nandefa Azy tany Yemeni. Ka nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) momba zava-pisotro izay amboarin'ny Olona amin'io tanàna io Izy. Ka hoy izy (S.A.W) hoe : Inona ilay Izy ? Dia nambarany hoe : Al-bit'o sy Al-mizri. Nisy nanontany i Abo Bordah hoe : Inona ny Al-bit'o ? Dia nilaza Izy fa izany dia divay vita amin'ny tantely; ary Al-mizr dia divay vita amin'ny vary hordea (karazam-barim_bazaha). Dia nilaza Izy (ny Mpaminany S.W.A) hoe : Izay rehetra mahamamo dia Haramo avokoa. BOKHARI Navokany sy notantarain'ny Moslimo, ary ny teniny dia izao : Hoy Izy : Naniraka Ahy sy Moandhe tany Yemen ny Irakan'i Tompo Allah. Hoy Aho : Ry Irakan'i Tompo Allah Ô ! Misy zava-pisotro atao eto amin'ny tanintsika atao hoe mizr vita amin'ny vary, ary misy zava-pisotro atao hoe bit' vita amin'ny tantely. Hoy Izy : « Voarara ny zavatra mahamamo rehetra. Ao amin'ny fitantaran'ny Moslimo : " Hoy Izy : Voarara izay rehetra mahamamo ny Olona amin'ny fivavahana ". Ao amin'ny fitantarany iray hafa ihany koa : " Nomena teny feno tanteraka ny Irakan'i Tompo Allah tamin'ny farany, ka hoy Izy : " Raràko ny zava-mahamamo rehetra izay mahamamo ny Olona amin'ny fivavahana."

[Mari-pototra] [رواه البخاري ومسلم]

Niteny i Abo Mossa Al-Ash'ari (R.A) fa i Mpaminany (S.A.W) dia naniraka Azy tany Yemen ary nanontany Azy momba ny zava-pisotro namboariny tany - moa ve voarara ve izany ? Dia nanontany momba azy ireo i Mpaminany (S.W.A). Hoy i Abo Mossa (R.A) : “bit’a”: divay avy amin'ny tantely, ary “mizr”: divay avy amin'ny vary. Hoy i Mpaminany (S.W.A), izay efa nahazo ny teny feno fanetren-tena : “ Ny zavatra mahamamo rehetra dia voarara avokoa ”.

https://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/66536